

LOI N° 2003-010
relative à la politique nationale de gestion des risques et des
catastrophes

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté, en leur séance plénière respective en date du 10 juillet 2003 et du 20 août 2003,

Le Président de la République,
Vu la Constitution,
Vu la décision n° 21-HCC/D3 du 3 septembre 2003 de la Haute Cour Constitutionnelle,
Pronulgue la loi dont la teneur suit :

Article premier. – En application des dispositions de l'article

andinin' faha-135.4 amin' ny Lalàmpanorenana, ity lalàna ity sy ny tovana miaraka aminy mitondra ny lohateny hoe "Paik' adim-pirenena ho fitantanana ny loza mety hitranga sy ny antambo" no mamaritra ny politikam-pirenena ho fitantanana ireo loza mety hitranga sy ireo antambo.

TOKO VOALOHANY

Ny amin' ny fepetra ankapobe

And. 2. – Ny fitantanana ny loza mety hitranga sy ny antambo dia tafiditra ao anatin' ny sehatra ankapoben' ireo asa mikasika ny fiarovana sy ny fandriampahaleman' ny olon-tsotra.

Arak' izany, dia manomana lamin-draharaha sy fepetra iantohana ny fihazonana ireo fepetra ilaina amin' ny fiainan' ny mponina sy ny fiarovana azy izy amin' izay mety ho fisian' ny loza hitranga sy ny antambo, na inona na inona karazany, fiaviany ary lanjany.

Miantehitra amin' ireo fombafomba arahina voakendry sy mahafao-be manomana fepetra ho fisorohana, fanairana, fanomanana, fitantanana, famonjena, fanatenana, ary fampandrosoana io fitantanana io.

And. 3. – Ny Soprefe, araka ny tatitra ataon' ny ben' ny tanàna na ny solontenam-panjakana amin' ny boriborintany no manambara ampahibemaso ny fipetraky ny fisian' ny antambo; arakaraky ny fahafahan' ny fiaraha-monina manohitra, ny haben' ny fahavoazana sy, raha misy izany, ny velaran' ny faritra voakasika.

TOKO II

Ny amin' ireo foto-kevitra ijoroany

And. 4. – Zava-dehibe ataon' ny Fanjakana sy ireo Faritany mizakatena laharan-pahamehana ny fitantanana ireo loza mety hitranga sy ireo antambo.

Miditra ao anatin' ny fandaminana drafitr' asa ho fampandrosoana ary indrindra indrindra ao anatin' ny fandaharan' asam-pirenena momba ny fitantanana ny tontolo iainana sy ny fandaharan' asam-pirenena ho fampihenana ny fahantrana izy io.

Arak' izany, dia ataony laharan-pahamehana ireo fiaraha-monina tena ahiana iharan' ny loza mety hitranga sy ireo faritra mora itrangan' ny loza mba ho fampihenana ireo fahaosana sy ho fanalefahana ireo loza mety hitranga.

And. 5. – Iarahan' ny Fanjakana miandraikitra amin' ny Faritany mizaka-tena sy ireo fisampanany, sy ny Fikambanana tsy miankina amin' ny Fanjakana ka voatsangana ara-dalàna, ary koa ny mpandraharaha ara-toekarena sy ny fiaraha-monina ary ireo olom-pirenena tsy ankanavaka ny fitantanana ny loza mety hitranga sy ny antambo.

And. 6. – Ny fitantanana ireo loza mety hitranga sy ireo antambo, amin' ny alalan' ny fandaminana, ny fomba fiasa ary paik' ady mifandraika, no miantoka ny firindran' ny asan' ny mpandray anjara rehetra sy ny fifampitohizan' io asa io manerana ny tanim-pirenena indrindra indrindra mba :

– hiarovana ireo tsangan' asa ilaina amin' ny fitandremana sy fitsimbinana ny fiainan' ny mponina sy ny fananany ary ny tontolo iainana;

– hiantohana ny fiarovana sy ny famonjena ny mponina amin' ireo toe-javatra rehetra miseho.

– hikorokoloana sy hanamafisana ny firaisan-kina sy ny herintsain' ny mponina hiaritra ny fiantraikan' ny loza mety hitranga sy ny antambo;

– hampivelatra ireo fahaizana sy hampihena ny fahaosan' ny mponina.

TOKO III

Ny amin' ny fanatanterahana

Sokajy 1

Ny amin' ny raf-pitantanana ireo loza mety hitranga sy ireo antambo

And. 7. – Ny fitantanana ireo loza mety hitranga sy ireo

135.4 de la Constitution, la présente loi et son annexe intitulé "Stratégie nationale de gestion des risques et des catastrophes" déterminent la politique nationale de gestion des risques et des catastrophes.

CHAPITRE PREMIER

Des dispositions générales

Art. 2. – La gestion des risques et des catastrophes s'inscrit dans le cadre global des activités relatives à la protection et à la sécurité civile.

A ce titre, elle prévoit des dispositifs et mesures pour assurer, en toute situation de risques et de catastrophes, quelles qu'en soient la nature, l'origine et l'importance, le maintien des conditions nécessaires à la vie de la population et sa défense.

Elle s'appuie sur des procédures intégrées et globales prévoyant des mesures de prévention, d'alerte, de préparation, de gestion, de secours, de rétablissement, de reconstruction et de développement.

Art. 3. – La situation de catastrophes est déclarée par le Sous-Préfet sous rapport du maire ou du délégué d'arrondissement administratif en fonction des capacités de réaction des communautés, de l'ampleur des dommages et le cas échéant, de l'étendue des zones affectées.

CHAPITRE II

Des principes

Art. 4. – La gestion des risques et des catastrophes constitue une préoccupation prioritaire de l'Etat et des Provinces autonomes.

Elle s'intègre dans le processus de planification du développement et en particulier dans le programme national de gestion de l'environnement et celui de la réduction de la pauvreté.

A ce titre, elle priorise les communautés les plus exposées aux risques et les zones à hauts risques pour la réduction des vulnérabilités et la mitigation des risques.

Art. 5. – La gestion des risques et des catastrophes est assurée conjointement par l'Etat, les Provinces autonomes et leurs démembrements avec la participation des organisations non-gouvernementales régulièrement constituées, ainsi que des opérateurs économiques, des communautés ainsi que de tous les citoyens.

Art. 6. – La gestion des risques et des catastrophes assure la cohérence de l'action de tous les intervenants et le relais de cette action sur l'ensemble du territoire national par une organisation, des mécanismes et des procédures appropriés, de manière notamment à :

– protéger les installations nécessaires à la défense et à la sauvegarde de la vie des populations, de leurs biens et de l'environnement;

– assurer la protection et les secours de la population en toutes circonstances;

– entretenir et affermir la solidarité et la volonté de résistance des populations aux effets des risques et des catastrophes;

– développer les aptitudes et réduire les vulnérabilités des populations.

CHAPITRE III

De la mise en oeuvre

Section 1

Des structures de gestion des risques et des catastrophes

Art. 7. – A chaque niveau d'intervention, la gestion des risques et des catastrophes repose sur des structures privilégiant les

antambo isaky ny ambaratongam-pirotshahana an-tsehatra dia mifototra amin' ny rafitra manome tombon-jo manokana ireo fomba fampandraisana anjara amin' ny fandaminana sy ny fomba fiasany ary ahitana :

- ambaratongan' ny famolavolana sy fanaovana andri-maso, ka anisan' izany ireo olom-boafidy sy parlemantera;
- ambaratongam-pitantanana, fandrindrana, fizohina ary fanohanana ireo fandaharan' asa sy hetsika.

And. 8. - Fifanarahana lasitra ankapobe iray no hifehy ny fifandraisana misy eo amin' ny Governemanta sy ireo mpiara-miasa aminy teratany sy iraisam-pirenena eo amin' ny fitantanana ireo loza mety hitranga sy ireo antambo na dia eo aza ny fanatanterahana fifanarahana manokana eo amin' ny sehatry ny fiaraha-miasam-paritra na ny fiaraha-miasa itsinjaram-pahefana.

Sokajy 2

Ny amin' ireo drafitr' asa fitantanana ireo loza mety hitranga sy ireo antambo

And. 9. - Ireo drafitr' asa fitantanana ny loza mety hitranga sy ny antambo dia ahitana :

- ny drafitr' asa ankapobe ho fitantanana ireo loza mety hitranga sy ireo antambo;
- ny drafitr' asa fanohanana natao ho an' ireo loza mety hitranga manana endrika manokana;
- ny drafitr' asa fandaminana ireo asa famonjena antsoina hoe drafitr' asa ORSEC;
- ny drafitr' asa noho ny hamehana.

Izy ireo dia mamaritra ny sori-dalana sy ireo lamin-draharaha laharan-pahamehana arahina mikasika ny fitantanana ireo loza mety hitranga sy ireo antambo, mandritra ny fotoana fohy, antonony na maharitra.

And. 10. - Atsangana isaky ny ambaratongam-pirotshahana an-tsehatra ny drafitr' asa ankapobe iray ho fitantanana ireo loza mety hitranga sy ireo antambo.

Eo amin' ny ambaratongan' ny Kaominina ambanivohitra, izy ireny dia ampidirina ao anatin' ireo drafitr' asa momba ny fandiampahalemana eo an-toerana ary indrindra indrindra ao anatin' ny sehatra fampiharana ireo dina.

And. 11. - Mameno ny drafitr' asa ankapobe voalazan' ny andininy faha-10 etsy ambony ny drafitr' asa fanohanana iray ho an' ny loza mety hitranga manana endrika manokana isanisany avy toy ny rivo-doza, ny tondra-drano, ny hain-tany, ny valan' aretina, ary ny loza voajanahary rehetra ary ny drafitr' asa iray fitantanana ny fandiampahalemana an-drenivohitra.

Ny Minisitry tsirairay, ary ny tompon' andraikitra tsirairay notendren' ny Faritany, ho an' ny Faritany mizaka-tena, arakaraky ny zava-misy, dia tompon' andraikitra amin' ny fanomanana sy ny fanatanterahana ireo drafitr' asa fanohanana iandraiketan' ny departemanta izay iadidiany.

And. 12. - Ny Minisitry misahana ny Atitany, eo ambany fahefan' ny Praiminisitry no mandrindra sy manara-maso ny fanatanterahana ireo drafitr' asa fanohanana iandraiketan' ireo departemantan' ny minisitry samihafa.

And. 13. - Eo amin' ny ambaratongan' ny Faritany, ny Governora na raha tsy misy izany ny tompon' andraikitra notendren' ny Governemanta hisahana ny andraikitra ny Governora, no mandrindra sy manara-maso ny fanatanterahana ireo drafitr' asa fanohanana iandraiketan' ny tompon' andraikitra samihafa amin' izany ary koa ireo drafitr' asa fitantanana ny fandiampahalemana an-drenivohitra sy ny drafitra noho ny hamehana.

And. 14. - Tafiditra ao anatin' ny drafitr' asa fitantanana ireo loza mety hitranga sy ireo antambo ny drafitr' asa fandaminana ny famonjena antsoina amin' ny anarana hoe drafitr' asa ORSEC sy

méthodes d'approche participative dans leur organisation et leur fonctionnement et comprenant :

- une instance de conception et de supervision incluant les élus dont les parlementaires;
- une instance de gestion, de coordination, de suivi et d'appui des programmes et actions.

Art. 8. - Un protocole d'accord cadre général régira les relations entre le Gouvernement et les partenaires nationaux et internationaux en matière de gestion des risques et des catastrophes nonobstant la conclusion de conventions spécifiques dans le cadre de la coopération régionale et de la coopération décentralisée.

Section 2

Des plans de gestion des risques et des catastrophes

Art. 9. - Les plans de gestion des risques et des catastrophes comportent :

- le plan général de gestion des risques et des catastrophes;

- les plans de soutien destinés aux risques spécifiques;

- les plans d'organisation des secours, dénommés plan ORSEC;

- les plans d'urgence.

Ils définissent les orientations et les dispositifs prioritaires à suivre en matière de gestion des risques et des catastrophes, à court, moyen ou long terme.

Art. 10. - Un plan général pour la gestion des risques et des catastrophes est dressé à chaque niveau d'intervention.

Au niveau des Communes rurales, ils sont intégrés dans les plans locaux de sécurité et notamment dans le cadre de l'application des *dina*.

Art. 11. - Un plan de soutien pour chaque risque spécifique tels que les cyclones, les inondations, la sécheresse, les épidémies et pour les autres catastrophes naturelles et un plan de gestion de la sécurité urbaine complètent le plan général visé à l'article 10 ci-dessus.

Chaque Ministre et pour la Province autonome, le responsable désigné par l'autorité provinciale, selon le cas, est responsable de la préparation et de l'exécution des plans de soutien incombant à son département.

Art. 12. - Sous l'autorité du Premier Ministre, le Ministre chargé de l'Intérieur coordonne et contrôle l'exécution des plans de soutien incombant aux divers départements ministériels.

Art. 13. - Au niveau provincial, le Gouverneur ou à défaut, le responsable désigné par le Gouvernement pour exercer la fonction du Gouverneur coordonne et contrôle l'exécution des plans de soutien incombant aux divers responsables concernés ainsi que les plans ORSEC et des plans d'urgence.

Art. 14. - Les plans de gestion des risques et des catastrophes intègrent des plans d'organisation de secours, dénommés plans

ireo drafitr' asa noho ny hamehana.

Ny drafitr' asa *ORSEC* no manisa ireo fitaovam-panjakana sy ny an' ny olon-tsotra mety hampiasaina raha misy antambo sy mamaritra ny fepetra hampiasain' ny manampahefana mahefa azy ireny mba hitarihana ny famonjena.

Eo amin' ny ambaratongan' ny firenena dia ny Praminisitra no manambara ny fampiharana ny drafitr' asa *ORSEC*.

Eo amin' ny ambaratongan' ny Faritany mizakatena dia ny Governora na, raha tsy misy izany, ny tompon' andraikitra notendren' ny Governemanta no hanambara ny fampiharana ny drafitr' asa *ORSEC*.

Manambara ny fampiharana ny drafitr' asa *ORSEC*, ny drafitr' asa noho ny hamehana ary ny drafitr' asa fanohanana eo amin' ny ambaratongan' ny fari-piadiadian' izy ireo avy ny manampahefana ara-panjakana.

And. 15. - Eo amin' ny ambaratongan' ny firenena, dia manomana ilay drafitr' asa ankapobe ho fitantanana ireo loza mety hitranga sy ireo antambo voalazan' ny andininy faha-10 etsy ambony sy mandrindra ireo fitaovam-panjakana ilaina amin' ny famonjena manerana ny firenena manontolo ny Minisitra misahana ny Atitany.

Omeny ny manampahefana miandraikitra ny fitarihana ny asa famonjena ireo fitaovam-panjakana sy ny an' ny olon-tsotra, raha toa manaporofa ny ilàna izany ny toe-javatra mischo.

And. 16. - Eo amin' ny ambaratongan' ny faritany, ny Governora na, raha tsy misy izany, ny tompon' andraikitra notendren' ny Governemanta miaraka amin' ny fiaraha-miasan' ny minisiteran' ny Atitany, no manomana ny drafitr' asa ankapobe ho fitantanana ireo loza mety hitranga sy ireo antambo voalazan' ny andininy faha-10 etsy ambony ary mandrindra ireo fitaovam-panjakana enti-manatanteraka ny famonjena.

Miandraikitra ny fampiasana ireo fitaovam-pamonjena eo am-pelatanan' ny fanjakana sy ny olon-tsotra izy.

And. 17. - Eo amin' ny ambaratongan' ny faritra, dia ny manampahefana mahefa ara-panjakana no manomana ireo fepetra fiarovana sy mandrindra ireo fitaovam-panjakana enti-manatanteraka ny famonjena eo amin' ny ambaratongan' ny fari-piadiadian' izy ireo isan' isany avy.

Miandraikitra ny fampiasana ireo fitaovam-pamonjena eo am-pelatanan' ny Fanjakana sy ny olon-tsotra izy ireo.

And. 18. - Ho fanatanterahana ireo andraikitra nomena azy ireo araka ny andininy faha-15 ka hatramin' ny andininy faha-17 etsy ambony, ny Governora na raha tsy misy izany ny tompon' andraikitra notendren' ny Governemanta isahana ny andraikity ny Governora, eo anivon' ny Faritany ary ny manampahefana ara-panjakana eo amin' ny ambaratongan' ny faritra, araka ny tandrifany azy avy, dia afaka manome baiko mampaka noho ny antony manokana, ireo fitaovam-pamonjena eo am-pelatanan' ny olon-tsotra araka ny voalazan' ny lalàna sy didy amam-pitsipika manankery.

Sokajy 3

Ny amin' ireo fomba famatsiam-bola ny fitantanana ireo loza mety hitranga sy ireo antambo

And. 19. - Ny lalàna itantanana ny volam-panjakana isantaona no mametra ireo fombafomba ara-bola fitantanana ireo loza mety hitranga sy ireo antambo arakaraky ny ilàna ny fananganana eo anivon' ny firenena indrindra indrindra :

- ny famatsiana ara-tetibola ho an' ny fisorohana dieny mialoha sy ny fanalefahana ny loza;

- ny tahiry iray ho an' ny firotsahana an-tsehatra noho ny hamehana;

- ny famatsiana ara-tetibola ho an' ireo asa famerenana amin' ny laoniny sy fanarenana;

ORSEC et des plans d'urgence.

Les plans *ORSEC* recensent les moyens publics et privés susceptibles d'être mis en oeuvre en cas de catastrophe et définissent les conditions de leur emploi par l'autorité compétente pour diriger les secours.

Au niveau national, le Premier Ministre déclenche le plan *ORSEC*.

Au niveau de la Province autonome, le Gouverneur ou à défaut le responsable désigné par le Gouvernement déclenche le plan *ORSEC*.

Au niveau territorial, les autorités administratives compétentes déclenchent les plans *ORSEC*, les plans d'urgence et les plans de soutien au niveau de leur circonscription respective.

Art. 15. - Au niveau national, le Ministre chargé de l'Intérieur prépare le plan général pour la gestion des risques et des catastrophes visé à l'article 10 ci-dessus et coordonne les moyens publics de secours sur l'ensemble du territoire.

Lorsque les circonstances le justifient, il attribue les moyens publics et privés nécessaires à l'autorité chargée de la direction des opérations de secours.

Art. 16. - Au niveau provincial, le Gouverneur ou à défaut le responsable désigné par le Gouvernement avec le concours du ministre de l'Intérieur, prépare le plan général pour la gestion des risques et des catastrophes visé à l'article 10 ci-dessus et coordonne les moyens publics de secours.

Il assure la mise en oeuvre des moyens de secours publics et privés.

Art. 17. - Au niveau territorial, les autorités administratives compétentes préparent les mesures de sauvegarde et coordonnent les moyens de secours publics au niveau de leur circonscription respective.

Ils assurent la mise en oeuvre des moyens de secours publics et privés.

Art. 18. - Pour l'accomplissement des missions qui leur sont confiées suivant les dispositions des articles 15 à 17 ci-dessus, le Gouverneur ou à défaut le responsable désigné par le Gouvernement pour exercer la fonction de Gouverneur au niveau de la Province et les autorités administratives compétentes au niveau territorial, chacun en ce qui les concerne, peuvent procéder à la réquisition des moyens privés de secours nécessaires conformément aux lois et règlements en vigueur.

Section 3

Des mécanismes de financement de la gestion des risques et des catastrophes

Art. 19. - Les lois de finances annuelles fixent les mécanismes financiers pour la gestion des risques et des catastrophes en fonction de la nécessité de mettre en place notamment au niveau national :

- une allocation budgétaire pour la prévention et la mitigation;

- un fonds d'intervention d'urgence;

- une allocation budgétaire pour les travaux de réhabilitation et de reconstruction.

And. 20. – Ny Fanjakana no hiantoka ny fametrahana :

– ny tontolo iainana ara-dalàna sy ara-bola manatsara ny fampandrosoana ireo fomba fanonerana sy fiantohana ho fiarovana ny anto-pivelomana sy famokarana;

– ny fomba fanohanana manokana hatsangana mba hanampy ireo finiavana iombonana sy/na atao valin-tanana ho fanekem-piantohana ary findramam-bola ho an' ny famokarana;

– ny fombafomba manokana ara-bola, mampandray anjara ny sehatra tsy miankina amin' ny Fanjakana, mikasika indrindra indrindra ireo loza mety hitranga mifandray amin' ny fananganana tao-zava-dehibe sy ireo loza mety hitranga an-drenivohitra.

And. 21. – Ny kaonty mikasika ny fitantanana ireo loza mety hitranga sy ireo antambo isan' ambaratonga firotsahana an-tsehatra dia hanaovana fanaraha-maso fanamarinana isan-taona. Ny vokatr' ireo fanaraha-maso dia havoaka amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika.

TOKO IV

Ny amin' ireo fepetra farany

And. 22. – Hatao araka izay ilana azy, ireo rijan-tenin-dalàna, ho fanazavana ny fombafomba fampiharana ity lalàna ity.

And. 23. – Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra teo aloha ka mifanohitra amin' ity lalàna ity.

And. 24. – Izaio lalàna izao dia havoaka ao amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika.

Hotanterahina izany lalàm-panjakana.

Avoaka hanan-kery, Antananarivo, ny 5 septambra 2003.

Marc RAVALOMANANA.